



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

Fizasa et - Tanindrazana - Fandriampiana

REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA

FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2022

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-216

**LANONAM-PANOKAFANA AMIN'NY FOMBA OFISIALY NY FIVORIANA ARA-
POTOANA FAHAROAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA, TAONA 2022**

Fivoriana Voalohany
Natao ny
Talata 18 Oktobra 2022
- Atoandro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: - Ramatoa RAHELIHANTA Jocelyne
- Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré

FOTOANA: Talata 18 Oktobra 2022, tamin'ny 11 ora sy 40 minitra, atoandro

FANDAHARAM-POTOANA: Lanonam-panokafana amin'ny fomba ofisialy ny fotoam-pivoriana ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, taona 2022.

Fanamarihana: Firedonana ny Hiram-pirenena nataon'ny Antoko Mpihira eto amin'ny Antenimierampirenena no nanombohana ny lanonam-panokafana amin'ny fomba ofisialy ny fotoam-pivoriana ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, taona 2022.

Rehefa izany, niredona ny Hira Fanevan'ny Antenimierampirenena indray izy ireo.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony ny mpivory.

- 1 -

- Fitohizan'ny fivoriana -

- Lakolosy -

Ramatoa FILOHA

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Miarahaba antsika tonga manatrika izao lanonam-panokafana ny fotoam-pivoriana ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, taona 2022 izao.

Izao isika dia hiditra amin'ny votoatin-draharaha; koa iangaviana, Ramatoa Mpitantsoratra, hamaky ny andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana.

Ramatoa Mpitantsoratra, miangavy anao hamaky ny andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana.

- 2 -

- Famakiana ny andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana -**Ramatoa RAHELIHANTA Jocelyne**

Andininy 75 ao amin'ny Lalàmpanorenana: Mivory ara-potoana indroa isan-taona ny Antenimierampirenena. Ny faharetan'ny fotoam-pivoriana isanisany dia ferana ho enimpolo andro.

Manomboka ny Talata voalohany amin'ny volana Mey ny fotoam-pivoriana voalohany ary ny Talata fahatelo amin'ny volana Oktobra kosa ny fotoam-pivoriana faharoa izay atokana indrindra amin'ny fandaniana ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana.

Vita Ramatoa Filoha.

Ramatoa FILOHA

Isaorana ianao Ramatoa Mpitantsoratra, tamin'ny famakiana izay andinin-dalàna izay.

- 3 -

- Kabary nataon-dRamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena -**Ramatoa FILOHA**

Andriamatoa Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta;
 Andriamatoa Filohan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana;
 Andriamatoa Filoha Lefitra misolotena an'Andriamatoa Filohan'ny Antenimierandoholona;
 Andriamatoa sy Ramatoa mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena sy ianareo Solombavambahoaka namana, hajaina;
 Andriamatoa sy Ramatoa Minisitra isany mpikambana ao amin'ny Governemanta;
 Andriamatoa Filohan'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena Misahana ny Fifidianana;
 Andriamatoa Filoha vonjimaikan'ny Komitin'ny Fampihavanana Malagasy;
 Andriamatoa Talen'ny Kabinetra misolotena an'Andriamatoa Filohan'ny Filankevitra Ambony Miaro ny Demokrasia sy ny Tany Tan-dalàna;
 Andriamatoa Filoha Lefitra misolotena an'Andriamatoa Filohan'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena Miahny ny Zon'olombelona;
 Ianareo mpandraharaha namana, mpiara-miombon'antoka sy ny namana mpiara-miasa rehetra ato amin'ny Antenimierampirenena izay tarihan'Andriamatoa Sekretera Jeneraly;
 Andriamatoa sy Ramatoa Sekretera Jeneraly isany izay manatrika etoana;
 Ianareo Talen'ny Kabinetra ato amin'ny Antenimierampirenena;
 Ianareo mpanao gazety avy amin'ny haino aman-jery samihafa;
 Ianareo olo-manan-kaja ambony Sivily sy Miaramila izay manatrika etoana araka ny laharam-boninahitra misy anareo tsirairay avy;

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Avo tsy mihoatra an'Andriamanitra na tsy hitantsika lapa na tsy tazantsika fiandrianana aza lzy, ka zava-pady sy tsy hay ny tsy hisaoatra sy tsy hidera ary tsy hankalaza Azy amin'izao fihaonantsika izao indray satria lzy no mandahatra sy antoky ny fahatanterahan'ny fanokafana amin'ny fomba ofisialy izao fotoam-pivoriana izao.

Faly miarahaba antsika rehetra ny tenako:

Mbola tsara antsika jiaby; akory aby ragnandria; andreo ankegny lahaly, tsarabe lahaly; akory aby ry ano; salama aby va; manahoana.

Misaotra sy mankasitraka anareo vahiny manan-kaja amin'ny fanotronana izao lanonana izao, fa sady haja izany no voninahitra ho an'ity Andrimpanjakana misy anay ity; fa tsy nataonareo toy ny "salamanga mifety izahay ka mitehaka tsy misy mpandihy, mandihy tsy misy mitehaka ary mihira tsy misy mihaino".

Vita soa ny lalagna aby isika Solombavambahoaka namana mpiara-miasa, fa fandrika ny lalana ary vovo ny trano, ka tonga soa an-tanàna, tsa totohi-bato hita ary tsa lavon'ny vato nafenin'ny ahitsa.

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Alohan'ny tena anombohana dia mangataka iray minitra fahanginana, Tompoko, ho fahatsiarovana an'ltompokolahy Docteur ANDRIAMANALINARIVO Raymond Michel Jocelyn, Solombavambahoaka voafidy tao Antananarivo Voalohany, izay nandao antsika sy ireo havantsika izay namoy ny ainy tany Ikongo, tao Ankazobe, tany Antsohihy sy ireo havana maro traboina.

- Iray minitra fahanginana -

Ramatoa FILOHA

Misaotra Tompoko

Ho fisantarana ny lahateny dia mamelà ahy ianareo Solombavambahoaka hiarahaba manokana an'Andriamatoa DIMBINDRAIBE Ratafika Andriamalazamanga handray ny toeran'ny Solombavambahoakan'Antananarivo Voalohany, araka ny Didy navoakan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana laharana faha-02-HCC/AR tamin'ny 20 Jolay 2022.

Koa miangavy anao hitsangana "Honorable".

Faly mandray anao Andriamatoa Solombavambahoaka ary hiara-hiasa izany isika manomboka izao. Mahaleova, mahalasana.

Mahazo mipetraka ianao, Tompoko.

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Toy ny mahazatra dia haroso eto aloha ny tatitry ny asa natao nandritra ny tsy nisian'izay fivoriana izay na nandritra ny «intersession» izany:

- Tao ny atrikasa nokarakarain'i Sahamadio teny Ilafy tamin'ny 27 Septambra 2022 ka hatramin'ny 29 Septambra 2022 lasa teo; natao ny tetikasa «Santé et Droits Sexuels Reproductifs» na SDSR tao amin'ny Antenimierampirenena, niarahana tamin'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka sy ny Firaisa-monim-pirenena io atrikasa io; nandinihana ny fampiharana ny tetibola sy ny fanitsiana mila apetraka momba ny lalàna mifehy sy ny fampiharana azy.

- Ny faha-27 sy 28 Jolay 2022 teo no natao tao Fianarantsoa ny varavarana misokatra nataon'ny Antenimierampirenena tamin'ity taona ity. Tamin'io fotoana io no nahatsiarovana ny Raiamandreny Professeur Lucien Xavier Michel ANDRIANARAHINJAKA, Filohan'ny Antenimierampirenena teo aloha sy nanomezana anarana ny Tranompokonolona ao Fianarantsoa ny anarana hoe: Solombavambahoaka RALAIVELO Daniel, izay sady Solombavambahoaka no Ben'ny Tanàna teo aloha ihany koa.

- Tamin'ny 23 Septambra 2022, nisy ny fihaonana tamin'ny solotenan'ireo mpanakanto mikasika ny Tolo-dalàna hanatsarana ny fitantanana ny OMDA.

- Ny 23 Septambra 2022 teo ihany dia nankahery ireo niharam-boina tany Ikongo isika tamin'ny fandalovan'ireo mpikambana ao amin'ny Zanaka Antanala na ZANTA eto Antananarivo.

- Ny 16 Septambra 2022, nisy ny tatitry ny iraka nataon'ny Sekretera Jeneralin'ny Antenimierampirenena momba ireo asa miandry antsika taorian'ny «Assemblée Générale de l'Association des Secrétaires Généraux de l'APF» tany "Rabat-Maroc". Anisan'ny miandry antsika amin'izany ny «Code d'Ethique et de Déontologie» ho an'ny Parlemanta sy eo anivon'ny «Administration»-n'ny Antenimierampirenena.

Marihako eto fa efa misy ny firenena Afrikana efa manana izany "Code d'Ethique et de Déontologie"-n'ny Antenimierampirenena izany.

- Nisesisesy ny fandalovan'ireo tanora mpianatra nahazo ny salan'isa ambony indrindra nandritry ny fanadinam-panjakana, toy ny avy any amin'ny Distrikan'Isandra. Isaorana, Andriamatoa Minisitra, nitondra an'izany «major» izany, ny «lauréat»-n'ny Faritr'Ivohibe, Ihosy, ny Distrikan'i Vohipeno sy ny hafa ihany koa.

- Tamin'ny 31 Aogositra 2022, noraisina teto amin'ny Antenimierampirenena ny solotenan'ny fikambanana "IES-Tafita" ao Toamasina. Noresahana tamin'izany ny mikasika ny zon'olombelona sy ny zon'ny ankizy indrindra indrindra.

- Tamin'ny 30 Aogositra 2022, noraisina teto ihany koa ny Filoha mpanorina ny "MERCIAfrique" na koa hoe «Medical Education Research Center International». Ny fifampiresahana tamin'izany dia niompana tamin'ny sehatra ara-pahasalamana sy ny fampianarana ny tontolo iainana, ny sosialy ary ny fanomezana rano fisotro madio ho an'ny vahoaka eto Antananarivo, Toamasina ary Toliara.

- Ny 21 Jolay 2022, noraisina teto ireo hisolotena an'i Madagasikara andiany fahasivy amin'ny "Parlement Francophone des Jeunes" na ny PFJ talohan'ny hanatrehan'izy ireo izany tany "Tirana-Albanie".

- Ny faha-8 sy ny 9 Jolay 2022, nanatrika ny fivoriambe faha-47 ny «Assemblée Parlementaire de la Francophonie» tany "Kigali-Rwanda" ny Filohan'ny Antenimierampirenena sady Filohan'ny "Section" Malagasin'ny APF, ka tamin'izany no nahavoafidy azy ho anisan'ny biraon'izany fikambanana iraisam-pirenena izany.

- Tehaka -

Misaotra Tompoko.

- Tamin'ny faha-14 Jolay 2022 dia tonga nitsidika teto ny Filoha Lefitra Nasionaly ny VMLF Vondrona Mira Lenta ho an'ny Fampanandrosoana sy ny "Directrice des Bureaux Francophones de Thunder Link"

- Ny 11 Jolay 2022 dia niarahaba sy nitsodrano ireo ankizy tompon-daka nasionaly tamin'ny taranja basketry latsaky ny 12 taona tamin'ny "Club Aitsubishi" avy any Ambatofinandrahana.

- Maromaro ireo fitsidihana aram-pomba fanajana teto amin'ny Antenimierampirenena: ny masoivoho vaovao eo anivon'ny Vondrona Eoropeana, ny masoivoho Frantsay teo taloha, Ramatoa Minisitry ny Tontolo Iainana sy ny Fampanandrosoana Maharitra, ny Tale Jeneralin'ny "Ravinala Airports", ny solotenan'ny SMM na ny "Syndicat des Magistrats de Madagascar", ny Governoran'ny Faritr'i Melaky, ny Sekretera Jeneralin'ny COI na ny «Commission de l'Océan Indien».

- Tamin'ny faha-20 ka hatramin'ny 23 Septambra 2022 dia nisy ny atrikasa nataon'ny mpiasa teto anivon'ny Antenimierampirenena ho fiofanana sy fanatevenana traikefa amin'ny fitantanana tranom-boky sy ivon-toerana fanovozam-baovao.

- Tamin'ny 29 Aogositra 2022, ho fanatsarana ny lalàna mikasika ireo olona tsy manantanindrazana sy ho fanavaozana ny lalàna momba ny zom-pirenena dia nisy ny fihaonana narahin'ireo tekisiana avy eto amin'ny Antenimierampirenena sy ny solotenan'ny «Haut Commissariat pour les Réfugiés».

- Ny faha-25 Aogositra 2022, notontosaina ny fanaovan-tsonia manamarika ny fiaraha-miasa teo amin'ny vondrona mpinamana parlemantera Sina-Madagasikara. Fikambanana iray avy ao "Wuhan" any Sina no hifarimbona amin'ny fanatrarana ny tanjona dia ny fampiroboroboana ny kolotsaina sy ny fanatanjahantena ary ny indostrialy.

- Ny faha-22 Aogositra 2022, nanotrona sy nanome voninahitra ny fianakavian'ltompokolahy ANDRIANO Giscard isika tamin'ny fampodiana ho any an-tanindrazany ny taolambalon'ltompokolahy tany Manakara.

- Tamin'ny faha-20 Aogositra 2022 ihany, nanatrika sy nanome voninahitra ny hetsika ASIEF tany Toliara isika.

- Nahitam-bokatra sahady ny dian'ny solotenan'ny Solombavambahoaka nanatrika ny fivorian'ny UIP tany "Kigali" tamin'ny faha-11 ka hatramin'ny 16 Oktobra 2022 teo. Misy tetikasa telo lehibe mikasika ny angovo azo havaozina sy ny fampiroboroboana ny tanora ary fanorenana fotodrafitrasa momba ny fahasalamana.

Arahabaina ny fahavitan'ny «Plan de Communication de l'Assemblée Nationale» izay efa nankatoavin'ny Birao Maharitra ary efa eo andalam-panatanterahana izany isika. Arahabaina daholo koa ireo Solombavambahoaka izay tonga nahavita iraka avy any ampita ary tsofina rano koa ireo izay mbola hanatanteraka iraka ato anatin'ny fotoana tsy ho ela.

Ankoatra ireo raha tsiahivina, maro ireo lalàna izay nolaniantsika tamin'ny fotoam-pivoriana farany teo iny. Ao ireo tafavoaka soa aman-tsara hatramin'ny farany; tao kosa ireo izay nolavin'ny Fitarana Avo momba ny Lalàmpanorenana.

Anisan'izany ny lalàna laharana faha-2022-003 mikasika ny Fandraisan'ny Vehivavy Anjara eo amin'ny Toeran'ny Fanapahan-kevitra na «Participation des femmes aux postes de décision».

Eto kosa aho dia hitodika manokana aminareo mpanatanteraka indrindra ao amin'ny Minisitera misahana ny Vehivavy mba hifarimbona hijery manokana ny tolona ho an'io zon'ny vehivavy io. Ato ho ato mantsy isika eto amin'ny Antenimierampirenena dia handray ny hetsika hataon'ireo zatovo vavy ao anatin'ny programa "Young Women in Politics Program" karakarain'ny EISA izay mampirisika ny vehivavy amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra amin'ny firenena misy azy na «participation des femmes à la politique et dans les instances de prise de décision». Raha oharina amin'ny firenen-kafa na ny eto Afrika fotsiny dia tsapa, fa mbola latsaka ambany ny tahan'ny fandraisana anjaran'ny vehivavy Malagasy amin'ny sehatry ny fanapahan-kevitra ara-politika sy amin'ny fitazonana andraikitra ambony; na ny tahan'ny vehivavy eto anivon'ny Antenimierampirenena fotsiny aza dia ahazoantsika manamarina izany.

Hita tamin'ny traikefan'ny firenena maro, fa ny fametrahana ny «loi sur le quota» dia anisan'ny vahaolana nahazoana nampitombo izany fandraisana anjaran'ny vehivavy eo amin'ny sehatra fanapahan-kevitra ambony izany na ara-politika koa aza.

Izay no azo ambara mikasika ny asa vita nandritra izay fotoana izay. Koa misaotra antsika rehetra, fa ny Apostoly no mitafy lamba fotsy aza, hono, nividy vao nanana, fa ny vorompotsy nandova tamin'ny reniny. Koa ireo no tanteraka dia noho ny ezaka nataontsika rehetra.

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Eo amin'ny lafiny rarahan-pirenena, ataoko fa toy ny lela tsy atoro nify maharary isika mianakavy. Hita ary tsapa fa somary nirongatra indray tato ho ato ny tsy fandriampahalemana na an-tanàn-dehibe izany na any amin'ny Faritra. Aoka isika izay manam-pahalalana sy manam-pahendrena ary olom-pirenena vanona mba tsy hiaro ara-kevitra ny mpanao ratsy, ka hilaza hoe: ny fahantrana no anton'izany. Rehefa vandana dia kary ary ny fanaovan-dratsy dia haratsian-toetra tsootra izao, fa ny azo ambara dia toa mifono finiavana te-hamboly korontana eto amin'ny firenena no ao ambadik'izany.

Vao omaly noho omaly izao no nandre ny voina nahazo an'Andriamatoa Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'i Mampikony, raha niakatra ho aty Antananarivo, hamonjy izao fotoam-pivoriana izao dia niharan'ny fanafihan-jiolahy teny andalana izy mianakavy kely. Koa miarahaba anao raha ao ianao, Andriamatoa RAPHAELIEN Solofoniaina Emilien Narson. Miarahaba anao sy ny ankohoananao tsy maty fo aman'aina, tonga soa eto amin'ny Lapan'ny Antenimierampirenena.

Eto ihany koa ny tenako dia hanisy resaka mikasika ireo tranga mampalahelo amin'ny fakana an-keriny ireo olona varira.

Manana adidy isika Solombavambahoaka hijery ny lalàna ho fiarovana azy ireo. Isaorana ny Solombavambahoaka izay manao ny ainy tsy ho zavatra miaro ireo olona varira ireo ary eo ihany koa ny mpikambana eo anivon'ny Governemanta izay manao izany.

Ny mpitandrofilaminana dia ankasitrahana hatrany amin'ny ezaka ataony ary mbola mampirisika azy ireo ihany koa isika.

Tsapa ihany koa tato ho ato fa may ny tanàna, may ny ala, may ny tanety, mirehitra etsy sy eroa ary levona ireo zavamanan'aina izay tsy misy afa-tsy eto amintsika eto Madagasika, ny "faune et flore endemiques" izany.

Tsy tokony havela ho an'ny Minisiteran'ny Tontolo Iainana irery ny fitondrana an-tànana an'izany andraikitra izany, fa adidy iaraha-manana ho an'ny olom-pirenena tsy an-kanavaka ary tokony handray anjara amin'izany koa isika Solombavambahoaka amin'ny fitaizana sy fanentanana ny rehetra ary ny fampahafantarana azy ireo ny sazy mety hiantraika aminy. Fampahatsiahivana no ataoko eto satria fantatro fa manao sy mandray andraikitra avokoa isika rehetra.

Eto indray, mamelà ahy ianareo mba hiresaka kely mikasika ny fanatsarana an'izany ady atao amin'ny doro tanety sy fandorana ny tanindrazana izany. Koa isaorana ireo efa manao adidy, fa hamafisiana kosa ny rafitra maharitra ary tokony hatevenina ny Tetibola hoenti-miady amin'izany mba ahafahana manampy fitaovana sy manampy olombelona hiady aminy. Koa inona no mety misakana antsika, Andriamatoa Praiminisitra, satria hita anie ireo famatsiam-bola betsaka ireo, mba hanokanana vola ahafahantsika mividy na manatevina ireny fiara mitondra rano ireny. Nahoana raha mividy angidimby hanondraka rano ihany koa na "canadair" mba hamonjy izany doro tanety izany.

Apetrako eo ny amin'iny, fa hiditra amin'ny sehatra hafa indray isika. Mamelà ahy ianareo raha mba hiresaka kely ny tenako mikasika ny "lanceur d'alerte". Iaina tokoa izy ireny mba ho fanairana sy ho fampahafantarana ny tomponandraikitra isan-tsokajiny amin'ny zavamitranga eto amin'ny firenena sy any anatin'ny fiarahamonina any. Tsarovy koa anefa tokony hatao ao anaty fanarahan-dalàna hatrany ny fampahafantarana ataonareo. Fadio ny mitorotoroka tsy misy porofo. aza idirana loatra ny fiainan'olona manokana; aoka tsy hisavorovoro ny saim-bahoaka; hajao ny kolotsaina sy ny soatoavina maha Malagasy mba tsy hihoa-pefy ny fanehoan-kevitra ataonareo. Koa fotoana tokony handrosoana ny lalàna mikasika ireo "lanceur d'alerte" ireo sy ny mpiaro ny zon'olombelona izao.

Torak'izany koa ny amin'ireo "compte fake": efa lasa antony manokana mibahan-toerana eto amin'ny firenena ny resaka baranahiny amin'ny tambazotran-tserasera. Manao ny ataony ary migalabona mihitsy ireo "compte fake" ireo, indraindray tsy ahafantarana ny marina sy ny tsy marina intsony; ao ireo fanosoram-potaka isan-karazany. Koa manentana antsika mpanao politika, olom-boafidy, fiarahamonim-pirenena, fikambanana isan-karazany, ny Ray aman-dReny mba hanabe sy hitaiza ara-potokevitra sy araka ny soatoavina ireo zanatsika. Betsaka ary tsy nisy izay tsy tratran'io "compte fake" io isika rehetra, ao ny afabaraka. Vao omaly noho omaly no nisy nilaza fa manao halatra taolam-paty ny Solobavambahoaka ankoatr'ireo karazana fanenjehana izay hasian-teny rehefa avy eo.

Asiako teny manokana ny raharahan'ny Distrikan'Ikongo: tongo-bakivaky, sady maharary no mahamenatra iny tranga iny. Manantena aho, fa hitohy ny fitoniana eo amin'ny andaniny sy ankilany ary manaraka akaiky sy miandry ny ho tohin'ny fanadihadiana iny raharaha iny izahay na isika ato amin'ny Antenimierampirenena.

Matoky ny mpanao fanadihadiana isika, ny fitsarana aza mbola tsy "saisie" ary mbola hisy ihany koa eto amin'ny Antenimierampirenena fangatahana hatao hanaovana famotorana parlemantera izay mbola hodinihana amin'izao fotoam-pivoriana izao.

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Mitodika amintsika Solombavambahoaka manokana ny tenako. Valalanina ny tena mahita ny fampahalalam-baovao etsy sy eroa; mamaky ny tambazotra-tserasera isan-karazany hoe: misy Solombavambahoaka vitsivitsy manao an'izao arỳ, manao an'izao atsy, manao an'izao eroa eny anivon'ny fiaraha-monina. Koa eto, amin'ny mahalehibe mpitarika ahy an'ity Andrimpanjakana ity dia manentana sy mampahatsiahy ny Solombavambahoaka, fa isika no mpanao lalàna. Noho izany, tokony ho filamatra voalohany amin'ny fanarahana sy fanajana lalàna isika; ka tsy hitsabaka amin'izay fahefana tsy nomena antsika.

- Tehaka -

Ny «immunité parlementaire» izay nomen'ny Lalàmpanorenana antsika dia natao ho fiarovana amin'ny fanehoan-kevitra ara-demokratika sy ho fahafahantsika miasa malalaka sy manatontosa ny asa amin'ny maha Solombavambahoaka antsika, fa tsy hoentina hialokalofana amin'ny fanaovana fanararaotam-pahefana sanatria na koa hoe hanafenana ny ratsy atao, ka tsy haverina eto intsony ny fitsabahan-pahefana izay ataontsika Solombavambahoaka any amin'ny fahefana mpanatanteraka. Mpanao lalàna isika fa tsy manam-pahefana mpanatanteraka. Aoka tsy hanitsakitsaka ny «plate bande»-n'ny mpanatanteraka ary ny mpanatanteraka, aoka koa tsy hanitsakitsaka ny «plate bande»-n'ny mpanao lalàna.

- Tehaka -

Henatra sy baraka eto anivontsika izany; koa miangavy aho ry Solombavambahoaka namana hajaina, hanatsaharana izay mety ho fomba mahamenatra. Aleo hatsahatra ny fomba mahamenatra na manalabaraka ity Andrimpanjakana ity.

Mampitandrina anefa izahay, fa raha endrikendrika na fanosoram-potaka fotsiny dia mihevitra angamba aho, fa tsy hipetra-potsiny isika na hangina.

- Tehaka -

Mampahatsiahy antsika Solombavambahoaka, satria tongo-bakivaky sady maharary no mahamenatra, ka aoka tsy hifanalabaraka ato anatiny isika, fa ny sasa-lamba dia aoka hataontsika ato ihany, fa ny toetra mahamendrika no aoka hasehontsika Solombavambahoaka eo amin'ny mpiara-belona sy mpiara-monina satria tadidio fa Ray aman-dReny ianareo, Ray aman-dReny isika ary nomen'ny vahoaka fitokisana; manana vahoaka isika ao ambadika ao, koa aoka mba ho modely sy ho filamatra.

Miantso anareo mpanao gazety sy mpikirakira tambazotra sosialy koa anefa, aoka mba ho vaovao marina no havoaka hialana amin'ny fanendrikendrehana tsy amin'antony, ka mety hanimba izay iantefan'izany endrikendrika izany. Tsy misy afa-bela amin'izany isika rehetra, na ato amin'ny fahefana mpanao lalàna na any amin'ny fahefana mpanatanteraka na any amin'ny fahefana mpitsara.

Ho fehiny, aoka mba tsy ho avy amintsika Solombavambahoaka no hisian'ny fisalovanana sy fitsabahana amin'ny asan'ny fahefana mpanatanteraka na koa amin'ny asan'ny fahefana mpitsara. Tsy handobolobo na handrebireby ny mpitsara manao ny asany isika. Misy dikany izay. Raha mpitsara marina ianao, tsy tokony hisy hisalovana ny asanao.

Ianareo mpanatanteraka ihany koa, iangaviana mba tsy hanao “interpellation” ny Filohan’ny Andrimpanjakana satria mahalala ny adidy sy ny andrikitra tokony hataony izy ary ao ny andro itenenana, ao koa ny andro anginana satria, izay no mahamasina ny asan’izany mahaolom-boafidy izany.

Ny Lalàmpanorenana dia manery ny olom-pirenena rehetra na inona sokajy misy azy hanaja ny fisaraham-pahefana. Hajao, Tompoko, ny “séparation des pouvoirs”. Koa na ny fahefana mpanatanteraka na ny fahefana mpitsara, indrindra fa isika fahefana mpanao lalàna dia samy antsoina mba hampitsahatra ny fanaparam-pahefana, ny fitsabahana amin’ny andraikitra, fa manaratsy endrika ny Andrimpanjakana tsirairay avy izany satria ny Fitondram-panjakana Foibe iray manontolo noho ny fihetsika tsy mety ataontsika no voahosi-dratsy ary tonga amin’ny fitenenana hoe: ny mpandevin-tavony ro miherikerika, eko ny zaza ro gila maso.

Tompokolahy sy Tompokovavy, apetrako eo ny amin’iny.

Zava-dehibe andrandrain’ny rehetra ihany koa ny fifidianana izay efa manatona hatrany araky ny voafaritry ny Lalàmpanorenana.

Fepetra hotakiana mba hahatontosa izany antsakany sy andavany ny fametrahana fitoniana. Noho izany, tokony hatsahatra ny fihantsiana rehetra sy ny fivoizana ny hevitra mifanohitra amin’izany.

Ny lalàna manan-kery no mibaiko ny CENI hanao ny fanavaozana ny lisi-pifidianana na ny “réfonte totale de la liste électorale”, araka ny Lalàna Fehizoro laharana faha-2018-008 mikasika ny Fitsipika ankapobeny mikasika ny Fifidianana sy ny Fitsapahan-kevibahoaka na ny “régime général des élections et des référendums”, izay nahazo ny didy fampiharana araka ny Didim-panjakana laharana faha-2022/667, mikasika ny fanavaozana tanteraka ny lisi-pifidianana.

Manambara mazava, io Didim-panjakana io, fa atao isaky ny 10 taona ny fanavaozana ny rejisi-pifidianana nasionaly. Koa tsy tokony hisy adihevitra intsony izany raha mbola tany tandalàna isika. Hoy ny oha-pitenenana hoe: ny omby mahalala mody, tsy tokony harahin-kapoka. Noho izany, singa iray lehibe ho fandavorariana ny fifidianana hifandimby eo ny fanaovazana ny lisi-pifidianana miainga avy amin’ny fanisam-bahoaka, ny fanomezana karapanondrom-pirenena sy ny sora-piakohonana izay fototra ho an’ny mpiray tanindrazana. Koa aoka tsy hadika vilana handotoana ny saim-bahoaka izany.

Mampirisika anareo ao amin’ny CENI izahay hanefa sy hahatontosa izany asa masina izany. Aoka samy hahatsiaro tena ny tsirairay izay omena andraikitra hanatontosa izany fifidianana izany.

Apetrako eo ny amin’iny.

Mikasika ny resaka voizina momba ny fikaonan-doham-pirenena, mipetraka ny fanontaniana hoe: aiza no folaka ka mila hotra ary aiza ny setroka mampisy ranomaso. Aminay, ny firenena mandalo krizy amin’ny rafi-pitantanana, ka miteraka korontana sy ady an-trano no tokony hanaovana izany fikaonan-doham-pirenena izany, mba hijerena izay mety ho marimaritra iraisana. Tsy izany anefa no misy eto amin’ny Firenena ankehitriny. Ekena fa misy ny tsy fitovian-kevitra izay miteraka lonilony eo amin’ny tontolo politika. Efa antomotra ny fotoam-pifidianana, ka aleo samy hifantoka sy manoman-tena amin’izany dieny izao.

Ny mety ho azo heverina angamba mba hahitana ny marimaritra iraisana dia ny fifanatonana sy fifampiresahana eo amin'ny mpitondra sy ny mpitarika ny fanoherana satria fomba fanao amin'ny tany demokratika rehetra izany.

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Manoloana izany lonilony misy izany dia misy alahelo mifonoka sy otrikafon'ampombo eo amin'ny firehana rehetra. Koa mitodika amintsika Solombavambahoaka ny tenako; sanatria hitazam-potsiny ve isika manoloana izany lonilony misy eo amin'ny mpanao politika izany, eo amin'ny fehefana mpanatanteraka, ny mpitarika sy mpitondra manoloana ny hetahetambahoaka. Atsipy ny teny, satria ity Lapan'Antenimierampirenena ity dia lapan'ny fanehoan-kevitra sy lapan'ny fandrosoana soson-kevitra ary lapan'ny fandraisana fanapahan-kevitra ihany koa.

Tompokolahy sy Tompokovavy;

“Ny kilonga ro mifaly raha hita, eko ny lehibe misikidy anakapo”, hoy ny tarogna avy aminay ao atsimotsimo ao. Ny tiako ambara dia maro hisainana sy hodinihana izay raharahampirenena misy ankehitriny izay ary efa notanisako teo aloha. Mety betsaka no tsy voatanisa, fa manome toky sy mankahery anao hatrany kosa izahay, Andriamatoa Filohampirenena, fa mbola eto izahay hanohana ny ezaka fampandrosoana izay tarihinao. “Matokisa monigna agnao, Andriamatoa Filohampirenena Andry RAJOELINA, fa ravà ro agnakòna”.

- Tehaka -

Mirary soa sahady ho anao, Andriamatoa Filoha sy ireo mpiara-dia aminao, hahatanteraka antsakany sy andavany ny fanolorana ny PEM na ny “Plan Emergence de Madagasikara” hatao ato ho ato izay hiarahana amin'ny Governemanta.

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Ho antsika Solombavambahoaka, maromaro ny asa miandry antsika amin'ity fotoampivoriana ity: Volavolan-dalàna sy Tolo-dalàna maro no andrasana hodinihana eto, ka ivon'izany ny Lalàna hifehy ny Tetibolam-panjakana, taona 2023.

Singanina manokana amin'izany asa hodinihantsika izany ny fandinihana ny “code minier”. Koa mino sy manantena ny tenako, fa havitrika amin'ireo asa miandry antsika rehetra ireo isika Solombavambahoaka. Hohalavirina impito mandifotr'olona ny tsy fahatongavana miatrika fivoriana satria efa madilo ny sofina eran'ny tambazotra-tserasera rehetra. Somary ho hentitra ny tenako eto ary tsy handefitra; basy atifi-kavana ity ka arangaranga. Koa manentana antsika rehetra ny tenako, mba hanaraka mandrakariva ny Fitsipika Anaty mifehy antsika Solombavambahoaka mikasika ny fanarahana sy fahatongavana mivory na ny “assiduité” izany.

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Izay no lava, izay no fohy; fa raha omby izay dia nameno vala, raha vary izay dia nameno sompitra; saingy dinidiniky ny mpianakavy no nataontsika teto, ka misy hosaintsainin'ny manam-panahy izay. Koa ho heninoro, ho henin-kavelomana anie isika rehetra.

Mamerina ny fisaorana sy fankasitrahana ho anao Andriamatoa Praiminisitra sy ireo mpiara-dia aminao rehetra, ny Filohan'ny Andrimpanjakana rehetra izay tonga manotrana ny tenako. Misaotra ihany koa noho ny faharetanareo nihaino ny lahateny natao teto.

Misaotra ny vahiny rehetra nasaina nanotrana an'ity fotoan-dehibe ity, ka mankasitraka anareo izahay tompontrano. Soava tsara isika, samia hotahian'Andriamanitra aby isika.

Misaotra Tompokolahy,
Mankasitraka Tompokovavy.

- Tehaka -

Tompokolahy sy Tompokovavy, ho fanajana ny andininy faha-204, Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirrena, ambarako fa misokatra amin'ny fomba ofisialy ny fotoam-pivoriana ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, amin'ity taona 2022 ity.

- 4 -

- Fiatoan'ny fivoriana -

Ramatoa FILOHA

Alohan'ny hiatoan'ny fivoriana dia tiako ny mampahafantatra antsika, fa rahampitso Alarobia 19 Oktobra 2022, amin'ny 10 ora, maraina, hisy ny fivorian'ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra izay hatao ao amin'ny "Salle BP". Ny Alakamisy 20 Oktobra 2022, amin'ny 10 ora, maraina, kosa ny fivorian'ny Diniky ny Filoha na ny «Conférence des Présidents» izay hatao ao amin'ny "Salle BP" ihany ary amin'ny 3 ora, tolak'andro, fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolam-pandaharam-potoana hatao ato amin'ny "Salle des Séances".

Koa manentana antsika rehetra mba samy havitra hanatrika ireo fivoriana ireo.

Miato hatreo ny fivoriansika. Koa mankasitraka sy misaotra antsika tonga nanatrika izao lanonam-panokafana izao.

Manasa antsika rehetra mba hiara-hiala hateheta amin'ny "cafeteria" aorian'izao fotoana izao.

- Lakolosy -

Niato tamin'ny 12 ora sy 25 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.



NY FILOHA

RAZANAMAHASOA Christine Harijaona